# MILAZA FOTOANA MAMPIASA PREPOSITIONS "on", "at" sy "in"

Ankoatra ny hampiasana azy ireo amin'ny fanondroana toerana, dia ampiasaina koa ny "on", "at" sy ny "in" amin'ny fotoana. Samy manana ny sehatra ampiasana azy ny preposition tsirairay avy; izay ho jerena mifanesy etsy ambany.

## 1) On

Ampiasaina amin'ny andro sy daty

Examples:

- What do you like to do on weekends?/ Manao inona no tianao rehefa faran'ny herinandro?
- Do you have a party on your birthday?/ Manao fety ve ianao rehefa fitsingerenan'ny taona nahaterahanao?
- Is there any fireworks on the independence day?/ Misy afomanga ve amin'ny andron'ny fahaleovantena?
- I never go to the movie on my days off./ Tsy mandeha mankany amin'ny sinema izany aho rehefa andro tsy fiasana.
- We don't go to school on Saturdays./ Tsy mianatra izahay rehefa sabotsy.
- I was born on the 21$^{st}$ of july./ Teraka tamin'ny faha 21-n'ny volana jolay aho.
- The interview is on February 29$^{th}$./ Amin'ny febroary 29 ilay interview.

## 2) At

Ampiasaina amin'ny ora, ny teny hoe "night" (alina) sy "noon" (mitatao vovonana)

Examples:

- I always get up at 5 o'clock./ Mifoha amin'ny 5 ora foana aho.
- You can call the front desk at any hours of the day./ Afaka miantso ny eo amin'ny latabatra fandraisana olona amin'ny fotoana rehetra ianao.
- Mr John leaves for work at 9./ Amin'ny 9 i Mr John no mandeha miasa.
- The meeting begins at 10h 30./ Manomboka amin'ny 10 sy sasany ny fivoriana.
- I meet Roberto on Friday at lunchtime./ Mihaona amin'i Roberto aho rehefa zoma ora fisakafoanana antoandro.
- It sometimes rains at night./ Indraindray avy ny orana amin'ny alina.
- The baby cries at midnight and they stay awake./ Mitomany sasankalina ilay zaza, dia tsy matory izy ireo.
- At noon, I take a nap in the garden./ Maka aina ao an-jaridaina aho rehefa mitatao vovonana.

## 3) In

Ampiasaina amin'ny "month" (volana), "year" (taona), "season" (fizaran-taona), ary ny fizaram-potoana ao anatin'ny andro

Examples:

- The next conference is in November./ Amin'ny novambra ny kaonferansa manaraka.

Anglais Français en Ligne

- In England, it often snows in December./ Misy zavona foana ao Angletera matetika rehefa desambra.
- The professors were on strike in the academic year 2001-2002./ Nitokona ny mpampianatra tamin'ny taom-pianarana 2001-2002.
- In 2010, I got my Bachelor's degree./ Tamin'ny 2010 aho no nahazo ny diploma baccalauréat-ko.
- It is very cold in winter season./ Mangatsiaka be ny andro rehefa vanim-potoana ririnina.
- The competition ends in summer./ Mifarana fahavaratra ny fifaninanana.
- Do you have work in the morning?/ Miasa ve ianao ny maraina?
- The employees cannot have a rest in the afternoon./ Tsy afaka maka aina ny mpiasa amin'ny antoandro.
- I don't like to go out in the evening./ Tsy tia mivoaka hariva aho.

<u>Remarks:</u>

Ireto misy fomba fiteny vitsivitsy fahita matetika ary ampiasana ireo prepositions hita etsy ambony:

**on time/ ara-potoana**

- Parents should bring their children to school <u>on time</u>./ Tokony mitondra ny zanany ara-potoana any an-tsekoly ny ray amandreny.

**at the moment/ amin'izao fotoana izao**

- I am busy <u>at the moment</u>, talk to you later./ Sahirana aho amin'izao, fa amin'ny manaraka miresaka.

**At the end of…(the day/the month/the year)/ amin'ny faran'ny…(andro/volana/taona)**

- we get our salary <u>at the end of the month</u>./ Mandray ny karama isika amin'ny faran'ny volana.

**In this time/ amin'izao fotoana izao**

- <u>In this time of strike</u>, many students don't go to school./ Amin'izao fotoanan'ny fitokonana izao, dia be dia be ny mpianatra no tsy mandeha an-tsekoly.

Anglais Français en Ligne